Ny mendrika indrindra aminareo dia ireo izay manana fitondran-tena tsara indrindra

Tatitra azo avy tamin'i Abdoullahi Ibn Amrou (R.A) niteny : Ny Mpaminany (S.A.W) dia tsy maloto fitondran-tena ary tsy nanao vetaveta fa matetika milaza izy hoe : "Ny mendrika indrindra aminareo dia ireo izay manana fitondran-tena tsara indrindra."
[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Tsy tao anatin’ny fitondran-tenan’ny Mpaminany (S.A.W) ny miteny ratsy na manao asa ratsy, ary tsy niniany na ninia nanao izany izy, satria izy Mpaminany (S.A.W) dia nanana fitondran-tena avo. Ary izy Mpaminany (S.W.A) dia niteny hoe : Ny tsara indrindra aminareo eo anatrehan'Allah dia izay manana toetra tsara indrindra, amin'ny fanaovan-tsoa, ny famiratan'ny tarehy, ny fifadiana amin'ny fanaovana ratsy sy ny fandeferana amin'izany, ary fifangaroana amin'ny olona amin'ny hatsaram-panahy.

http://sunnah.global/hadeeth/mg/show/5803